ORGANISATION DE SOUTIEN POUR LE DÉVELOPPEMENT RURAL À MADAGASCAR
UNE INITIATIVE DE LA FONDATION AGA KHAN

the innocent foundation

## Dingana 1 amin'ny Teknika fambolem-bary Zanatany :


# VOLY VARY « SEMIS DIRECT » NA LATSAKA AKOTRY.




Ny « ketsa », izay mahazatra dia **mila rano be** sy **tokony ho voafehy** tsara nefa ihany koa **mankarary lamosina** ary mahatsiaro tena **reraka** vao vita, ankoatran'izany ny asa **fikarakarana taniketsa** ny **fanongotana** sy ny **fitaomana ketsa manginy fotsiny.**



Anisany mampiavaka ny teknika voly vary zanatany ny tsy mandalo pépinière intsony fa **latsaka akotry** na **latsaboa** eny antanimbary avy hatrany izay **tsotra**, **mitsitsy masomboly**, tsy mandany fotoana, Tsy mila mampiasa olona maro. Alatsaka ny akotry atao manaraka ny linina ary atao **3 na 5 isampotony**, asiana **zezika** avy hatrany manototra ilay voa nalatsaka. Ny elanelan'ny voa nalatsaka dia 20 cm manaraka ny lavany, 20cm manaraka sakany izany hoe **ligne carrée**.






Mahazo aina tsara ny fakan'ny fambolena latsaboa noho izy tsy voakitikitika. Araka izany dia sady **malaky miakatra** izy no **mamokatra kokoa**.



sarotra ny mihava ny vary amin'ny sarkilezy noho ny fanetsana azy tsy nanara-tsoritra na tsy natao « en ligne » carré




Afaka **20** andro na **3** erinandro dia **havaina** @ **sarkilezy** ny vary, ka arahina amin'ny hitsiny mitsangana aloha, avy eo manaraka ny mitsivalana; Izany no atao dia mba tsy ho lasan'ny ahitra ny tsiron'ny tany. Afaka **20 andro - 30** andro manaraka dia tokony havaina faharoa. Ilaina izany mba afahan'ny fakan'ny vary miaina tsara. Arakaraka ny toetran' ny tany sy ny ahitra maniry ny mbola hamerenana na tsia ny fihavana manaraka



Ny fotoana **fijinjana** na **fiotazana** dia miankina ihany koa ny karazam-bary **3 - 4 volana** aorian'ny famafazana, fa ny tsara dia rehefa mahatratra **85-90%** ny fahamasahan'ny voa dia jinjaina ny vary mba tsy hihitsana indray ny voa tsara eny amin'ny lohany

Rehefa miakatra ny vokatra dia **helanelanina** amin'ny **voly avotra** izy mba **hanatsara** sy **hanamasaka** ny tany ary **zezika natoraly irery hatrany no ampiasaina.**





Ny fampiharana an'io voly vary zanatany io dia :

- entina hihatrehana ny fiovaovan'ny **toetr'andro**,
- entina hiadiana ny **tsy fahampian'ny rano**,
- entina **hanenana** ny **fandanihana** rehetra,
- sady **mamokatra** no **manatsara ny tany**,
- anisany **manampy** ny tantsaha amin'ny **fidirambola** noho izy manana fotoana malalaka afahana mamboly zavatra hafa
- azo **ampiharina** amin'ny **tany rehetra** misy ny tekinika voly vary **zanatany**...

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny **+261 32 05 822 64** na manorata mailaka amin'ny **contact@osdrm.mg**.

*Organisation de Soutien pour le Développement Rural à Madagascar (**OSDRM**). Un programme de la Fondation Aga Khan*
*Immeuble APPEL 2ème étage porte droite - Lot II L 111 ED - Ankorondrano*

**Produced by :**
HAY Creatives
*https://haycreatives.com*
*hay.creatives@gmail.com*
*+261327599999*